Hebreo, Toko Faharoa 3

Ny toko faha-7, faha-8, faha-9, faha-10, ny ao anatiny ao, oh, oadray! Manana ny pensilinareo sy ny taratasinareo, ary ny zavatra rehetra ve ianareo, vonona, satria mino aho fa hanome antsika fotoana lehibe ny Tompo. Ankehitriny isika dia . . .

218 Paoly dia manandratra sy mametraka, ara-toerana, ny Tompo Jesosy. Ankehitriny, raha mahafarana isika izao hariva izao, dia amin'ny Alahady maraina . . . Sady ny ankamaroan'ity dia ho tafiditra tanteraka amin'ny Hafatry ny Alahady maraina, satria izany dia "manavaka ny sabata." Izany no fanontaniana lehibe eo anivon'ireo Sabatista amin'izao andro izao. Ary hanasa anareo rehetra aho ho avy amin'ny Alahady maraina. Satria, hoe iza no marina, ny Sabotsy sa ny Alahady, ho an'ny fanompoana? Inona no lazain'ny Baiboly mikasika an'izany? Ary noho izany, na ny . . . Ity Boky ity no manasaraka ny lalàna sy ny fahasoavana, ary mametraka ny tsirairay avy amin'ny toerany Izy. Notezaina tamin'ny lalàna ireo Hebreo, ka niteny tamin'izy ireo i Paoly hoe inona no ataon'ny fahasoavana, amin'ny lalàna.

219 Ankehitriny, ndao isika haka fototra kely iray fotsiny ankehitriny. Hanomboka indray isika.

220 Eo amin'izay ihany, dia naka solomaso famakiana iray ho ahy aho. Angamba aho afaka . . . Raha sendra midòna amin'ny—amin'ny tsy nahy iray aho izao hariva izao, dia ho azoko izy ireny. Fantatrareo fa izaho dia tena . . . Roa taona sisa no tsy ampy dia ho dimampolo taona aho, ka tsy mahita tahaka ny nahitako taloha aho, akaiky ahy. Rehefa ny fahitako . . . manomboka mahamarika an'ireo teny manjavozavo aho, dia nihevitra aho fa ho jamba. Nandeha nanao fizahana iray aho. Hoy ny dokotera hoe, "Tsia. Nihoatra ny efapolo taona fotsiny ianao, anaka." Eny, nilaza izy, fa raha ho velona ela kokoa aho, dia mety hiverina indray izany, hahazo an'io fahitana akaiky io indray. Hoy izy hoe, "Ankehitriny, afaka mamaky ny Baibolinao ve ianao raha atosikao lavitra anao izany?"

221 Hoy aho hoe, "Eny."

222 Hoy izy hoe, "Afaka kelikely, dia tsy ho lava intsony ny sandrinao."

223 Ary noho izany aho—manantena aho ankehitriny, ao amin'ity fianarana ity, fa izaho . . . Ity Baiboly Collins kely ity dia manana haben'ny printy tsara ao anatiny. Afaka manavaka azy ireo tena tsara aho. Fa rehefa tonga ao amin'ireo toerana goavana, lalina isika izay tsy maintsy hakantsika ny Testamenta Vaovao sy ny Taloha, ka manafangaro miaraka. Manana Scofield kely iray aho. Ary zatra Baiboly Scofield aho, ireo sorany. Tsy mamaky an'ireo naotin'ny Scofield aho ankehitriny, satria tsy mifanaraka

amin'ny Scofield aho eo amin'ny maro amin'ireo—ireo fotokeviny. Fa izaho—tena tiako ny fomba nanehoana azy, satria izany dia . . . efa nanana azy nandritry ny ela be aho, ary namaky azy, ary tena betsaka, hany ka somary fantatro hoe ahoana no ahitana ny lohahevitro.

224 Tena vaovao amiko ity, an'ny fampianarana, ary tsy tena mpampianatra iray aho. Saingy, mahareta amiko vetivety ianareo, hiteny aminareo ny Fahamarinana arak'izay ahafantarako Azy aho, na ahoana na ahoana.

225 Ankehitriny, ity Boky ity dia an'i Paoly, tsaroanareo, izy dia . . . Ahoana no nahitantsika azy? Mpampianatra malaza iray izy, eo am-panombohana, na mahay malaza iray. Ary efa nofanina tao amin'ny Testamenta Taloha izy. Misy olona iray afaka miteny amiko ve ankehitriny hoe iza no hitantsika fa mpampianany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Gamaliela."—Mpand.] Gamaliela, iray amin'ireo mpampianatra nalaza tamin'ilay andro. Ary noho izany i Paoly, hitantsika fa, indray andro . . .

226 Talohan'ny niantsoana azy hoe *Paoly*, dia misy olona iray afaka miteny amiko ve hoe iza no anarany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Saoly."—Mpand.] Saoly. Ary manam-pahefana lehibe iray tao Jerosalema izy, manam-pahefana ara-pivavahana iray. Ary lasa le—lehilahy iray tena niofana, mpivavaka iray izy. Afaka niteny fiteny efatra na dimy samihafa izy, ary lehilahy iray tena manan-tsaina. Eny, nanampy azy ve ny fianarany sy ny fananantsainy? Tsia. Nilaza izy fa tsy maintsy nanadino ny rehetra izay fantany, mba hianatra an'i Kristy.

227 Noho izany dia hitantsika, arak'izany, fa tsy mila lehilahy iray manan-tsaina na lehilahy iray nianatra izany. Izany dia mila le—lehilahy iray izay manaiky ny hanetry ny tenany eo anatrehan'Andriamanitra, tsy mampaninona na ahoana.

228 Efa fantatrareo ve fa i Dwight Moody dia—dia tena tsy nampianarina hany ka, amin-kitsim-po, tena ratsy toy ny tsy fantatro hoe inona ireo sorany. Tsy maintsy nanamboatra an'ireo hafany izy ireo, isan'andro. Izy—tena mpanoratra mahantra iray izy, tena tsy nampianarina.

229 Efa fantatrareo ve fa i Petera sy Jaona, ao amin'ny Baiboly, dia tena tsy nianatra hany ka tsy afaka nanoratra ny anarany manokana akory aza izy ireo, ary tsy nahafantatra raha napetraka teo alohan'izy ireo izany? Ny Apostoly Petera, izay nanana ny fanalahidin'ny Fanjakana, dia tsy nahay nanasonia ny anarany teo anoloany. Eritrereto izany. Ny Baiboly no nilaza, fa, "Izy dia tsy mahay sy tsy nianatra." Noho izany, dia manome anjara iray ho ahy izany. Amena. Eny, tompoko. Mety tsara mihitsy izany, ny mahita fa afaka manao an'izany amin'ny lehilahy iray Andriamanitra.

230 Ankehitriny, ary hitantsika fa, vantany vao nanana fahatsapana lehibe iray i Paoly . . . Te-hanontany anareo aho.

Fahatsapana iray ve ny fanatonana an'i Kristy? Manana fahatsapana iray ve ny olona rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Eny."—Mpand.] Eny, tompoko. Eny, tompoko. Fahaterahana iray izany. Fahatsapana iray izany. Ary noho izany dia tao amin'ny Kolejy Loterana iray izahay, vao tsy ela akory izay . . .

231 Nanana tombontsoa aho aninkeo atoandro, tara, tokony ho tonga tany aho tamin'ny roa ambin'ny folo ora, ho an'ny sakafo niaraka tamin'i—tamin'i Tom Haire. Firy no efa mba nandre ny aminy, ilay mpiady malaza, Irlandais, an'ny fivavahana? Ary efa niaraka tamin'ity Rahalahy Epp ity izy, teo amin'ny fandaharany, ary niseho teo amin'ny toerana maro teto Amerika. Ary nisakafo niaraka taminy aho androany. Ary izahay dia . . . tara teo amin'ny adiny telo teo aho. Efa teo amin'ny telo sy sasany teo, tamin'ny efatra latsaka fahefany, no nihinana izahay. Fa nety tsara izany. Ary niady hevitra teo amin'ireo zavatra ireo izahay, ny amin'ny hoe ahoana fa Jesosy Kristy no Lohan'ny zavatra rehetra.

232 Ankehitriny, rehefa hitan'i Paoly io, dia nanana an'io fahatsapana io izy. Ary tamin'izay fotoana izay talohan'ny nanekeny an'io fahatsapana io, dia tsy maintsy nentina niverina nankany amin'ny Baiboly izany. Ary hitantsika fa izy—fa lasa izy ary nandeha nankany amin'ny firenena hafa iray, ary nijanona tany nandritry ny telo taona, nikaroka ny Soratra, mba hahita raha marina ny fahatsapany.

233 Ankehitriny, fantatsika fa nanana zavatra lehibe iray natrehana izy. Tsy maintsy niverina izy ary niteny tamin'ny fiangonany, ny olona rehetra, fa marina ireo tena zavatra izay nenjehany.

234 Tokony ho nanao zavatra tahaka an'izany ve ianareo? Izany tokoa, saiky ny rehetra no nanao, tsy maintsy nitodika niverina ka nanao hoe, "Ireo olona izay nantsoinay hoe 'holy rollers' ireo, dia hitanay, fa marina izy ireo." Hitanareo? Izay ilay izy. Tsy maintsy nitodika niverina fotsiny isika. Ary ireo zavatra izay halatsika fahiny, no tiantsika ankehitriny. Fiovam-po iray izany, zavatra hafahafa iray, mahatsikaiky.

235 Ankehitriny, nanao an'io filazana io aho, hoe "holy-roller." Tsy misy ny zavatra tahaka an'izany. Tsy misy ny zavatra tahaka an'izany. Fa, izy ireo no miantso ny olona an'izany, olona masina. Fa tsy misy ny holy-rollers. Tsy misy ny zavatra tahaka an'izany. Tsy misy filazana fiangonana iray hany voalaza tahaka an'izany, araka ny fahitako, tamin'ireo anaram-piangonana enimpolo sy sivinjato mahery, samihafa. Tsy misy izany anaram-piangonana hoe holy-roller izany. Izany fotsiny dia—dia anarana iray izay napetaky ny devoly teo amin'ny Fiangonana.

236 Fa izy ireo no miantso azy ireny, tamin'izany andro izany . . . Firy no mahafantatra hoe inona no niantsoan'izy ireo azy ireny tamin'ny andron'i Paoly? Mpirehidrehi-poana. Fantatrareo ve

ny dikan'ny hoe *mpirehidrehi-poana*? "Adala." Vahoaka adala izany. Noho izany, aleoko kokoa antsoina hoe "holy-roller" iray toy izay "mpirehidrehi-poana" iray. Ary ianareo? Noho izany raha izy ireo—raha nantsoina an'izany izy ireo, dia nifaly!

Ary inona no nolazain'i Jesosy hataontsika mikasika an'izany? Hoy Izy hoe, "Mifalia, ary miravoravoa fatratra; fa lehibe ny valim-pitianareo any An-danitra, fa toy izany no nanenjehana an'ireo mpaminany talohanareo." Nanao an'izany izy ireo.

237 Nilaza Izy mba, "Hiravoravo fatratra." Ny zavatra *fatratra* dia "nakarina ambony," tena sambatra. Ary ireo mpianatra, rehefa hita fa mendrika ny hitondra ny latsan'ny Anaran'i Jesosy izy ireo, dia nifaly niaraka tamin'ny fifaliana lehibe izy ireo fa afaka nitondra ny latsan'Ny Anarany.

238 Ary amin'izao andro izao, olona maro amin'izao andro izao, raha sendra miantso azy ireo ho holy-roller iray izy ireo, dia raiki-tahotra izy ireo, "Oadray! Mety diso aho angamba, eo am-panombohana."

Fa sambatra izy ireo ny amin'izany, "Oh, oadray, ny mitondra an'ilay Anarana!"

239 Ary ankehitriny, tao amin'ny taon-jato faharoa, dia nantsoin'izy ireo hoe "*mpitondra lakroa*" izy ireny. Izany dia tamin'ny nitondran'ireo Kristiana fahiny lakroa iray teo an-damosiny, mba haneho fa voahombo niaraka tamin'i Kristy izy ireo. Nantsoin'izy ireo hoe *mpitondra lakroa* izy ireny. Ankehitriny dia fantatro fa ny Katolika no miantso ny tenany ho izany, saingy tsy ny fiangonana Katolika izany. Ny fiangonana Protestanta izany talohan'ny niantsoana azy hoe fiangonana Protestanta. Tsy nisy notoheriny afa-tsy ny fahotana. Ny antony niantsoana azy hoe fiangonana Protestanta amin'izao andro izao dia satria nanohitra ny—ny dogma Katolika izy. Saingy izany dia . . . Izy, dia tsy mbola, tsy voasaratsaraka izy tamin'izany fotoana izany, fony izy ireo *mpitondra lakroa*.

240 Alaivo fotsiny ny tantaran'i Josephus sy ireo mpanoratra hafa, ary ny *Two Babylons* an'i Hislop, sy ny sisa, dia ho hitanareo fa marina izany, fa tsy fiangonana izy ireo. Ny fiangonana voarafitra voalohany, hany nisy, dia ny fiangonana Katolika, teo amin'ny telonjato taona, taorian'ny—an'ireo apostoly farany. Teo amin'ny telonjato taona taty aoriana, dia voarafitra ny fiangonana Katolika. Ary niditra ny fanenjehana, ka nanery ny olona hiditra tao amin'ny fiangonana Katolika, ary nanao ny fiangonana sy ny fanjakana, hikambana izy ireo.

241 Izany dia taorian'ny, ilay mody antsoina hoe, ny fiovam-pon'i Constantin, avy amin'ny fanompoan-tsampy nankany amin'ny Katolisisma. Fa, raha mba nisy olona efa namaky ny tantarany, dia tsy niova fo izy, ireo zavatra izay nataony. Oh, oadray! Ny zavatra tokana hany nataony ara-pivavahana dia ny nametraka

lakroa teo amin'ny fiangonana Masimbavy Sophie. Izany no zavatra tokana hany nataony, zara raha nihetsika ho mpivavaka. Izy dia—dia nolavina iray. Fa izy ireo dia miantso an'izany ho ny—ny fiovam-pony. Saiky mitaha fotsiny amin'ireo izay mody-antsoina hoe fiovam-po fotsiny amin'izao andro izao.

242 Ankehitriny, fa, mahita isika, rehefa niova fo i Paoly ka nanana an'ity tena fahatsapana ity, dia tena niverina tanteraka tokoa izy.

Ary, fantatrareo, ny *fiovam-po* dia midika hoe "nitodika niverina." Mandeha amin'*ity* làlana ity ianareo, ary miverina ka manomboka amin'*ity* làlana ity indray. Eny, tompoko. Izany no fitodihana miverina iray, todika-ivoho.

243 Ary i Paoly, vantany vao niova fo izy, talohan'ny nahafahany nanao ny fahatsapany mihitsy . . . Ankehitriny, nanana fahatsapana nahafinaritra izy.

Ankehitriny, mino aho, fa rehefa nanaiky an'i Kristy ianareo, ho Mpamonjinareo manokana mihitsy, dia fahatsapana iray izany. Mino aho, ny fifaliana amin'ny fahafantarana fa voavela ny fahotanareo, dia mampientanentana ny fonareo fotsiny, hatrany sy hatrany.

244 Fa avy eo rehefa midina ilay Fanahy Masina finaritra, dia fahatsapana iray izany, hoe Fahateraham-baovao, izay tsy ho adinoinareo mihitsy. Lasa Zanak'Andriamanitra iray ianareo. Ary izao no ataon'izany.

"Ahoana no ahafantaranao an'izany, Rahalahy Branham?"

245 Ankehitriny, lesona fampianarana ireto. Olona maro, ireo Metodista, no miezaka milaza hoe, "Nihiakiaka izy ireo rehefa nahazo Azy." Eny, mety tsara izany. Raha nahazo Azy ianareo, ka mihiakiaka, dia ekena. Satria nihiakiaka ianareo, dia tsy izany no famantarana fa nahazo Azy ianareo, satria maro no nihiakiaka nefa tsy nahazo Azy.

246 Hoy ireo Pentekotista hoe, "Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo. Nahazo Azy izy ireo." Mety tsara izany. Raha niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, ka nahazo Azy, dia mety tsara. Saingy afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo nefa tsy mbola mahazo Azy foana. Ahoana?

247 Noho izany, hitanareo, sady izao koa, izany dia ny fahatsapana ny hoe niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana; rehefa maty ireo zavatra taloha rehetra, ka lasa vaovao ny zavatra rehetra. Lasa tena misy Kristy. Niendaka ireo zavatra taloha, ireo fakan'ny ara-nofo taloha. Fantatrareo ve hoe ahoana no hanongotana faka iray? Naka angady fangadiana iray izahay fahiny ary niasa teo amin'izany, ka nangady an'izany mandra-pahatongany ho tsy nisy pentina iray tavela tao anatiny. Ary hoy izy ireo hoe, "Raha misy faka mangidy iray mipoitra ao anatinareo, dia hongoty izy." Marina izany. Ary izany no

ataon'ny Fanahy Masina, ongoty ny faka rehetra. Angadio hiala izy ireny. Ataovy antontany izany; doroy izy ireny. Ialao izy ireny. Manana vokatra tsara iray ianareo avy eo, raha manao an'izany isika.

248 Ankehitriny, fantatr'i Paoly fa nisy zavatra nitranga, noho izany dia nandeha niverina nankany Arabia izy, ary tany no nianarany nandritry ny telo taona teo amin'ireo mpaminanin'ny Testamenta Taloha rehetra, ahoana no naminanian'izy ireo. Ary hitany fa Izany marina tokoa no Fahamarinana.

249 Ankehitriny, ampitahao amin'izao andro izao izany, hitanareo, eo amin'izao fahatsapana izay ananantsika eto amin'ity fiangonana kely ity: ny amin'ny Kintan'ny Maraina izay niseho tany, ilay Hazavana lehibe izay nidina, izay niteny mialoha ka naneho an'ireo zavatra izay hitranga. Fantatrareo, mahafinaritra izany. Nefa ny rahalahiko amin'ny asampanompoana dia niteny tamiko hoe, "Avy amin'ny devoly izany." Ary izaho—tsy nety azoko ilay izy.

250 Noho izany, tsy nilaza na inona na inona mikasika an'izany aho raha tsy indray alina, nisy fahatsapana iray nitranga tany Green's Mill, Indiana, rehefa nandeha niampita ny gorodona ilay Anjelin'ny Tompo ka nitsangana tany, ary nanaporofo an'izany tamin'ny alàlan'ny Soratra. Tamin'izay fotoana izay no nirehitra ilay izy. Tamin'izay fotoana izay no nanomboka nandeha ilay izy.

251 Ary vao tamin'ny Alahady lasa teo mihitsy aza, dia nahita an'ireo marik'i Jesosy Kristy tsy mety diso isika, izay afaka naka lehilahy anankiray izay tsy namindra, ary tsy . . . Potika ireo hozatra mihazona azy hitsangana, rehefa nilaza ireo Mayo sy ireo dokotera tsara indrindra hoe, "Vita ny aminy, mandrakizay." Ary nipetraka teo jamba; nitsangana ary nivoaka ny tranobe, nanosika ny sezany misy kodiarana nidina ny tohatra, afaka namindra sy nahita tahaka ny olona hafa rehetra. Izany no maneho fa izany no herin'ny Tompo Jesosy nitsangana. Izany ilay izy. Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

252 Noho izany dia tsy vondrona iray sambatra ve isika izao hariva izao, ny mahafantatra fa Andriamanitra no nanamarina an'izao fahatsapana lehibe izay ananantsika izao, mba hampitahaina amin'Ny Baiboliny sy ireo teny fikasana? Noho izany dia tokony hiravoravo fatratra isika. Ary fantatsika arak'izany, fa ao amin'ny toko faha-2, dia mahita isika hoe, "Tsy tokony hamela an'ireo zavatra ireo isika . . . Tsy tokony tsy hitandrina an'ireo zavatra ireo isika." Tokony hihazona mafy an'ireo zavatra ireo isika.

Ary *ahoana* no handehanan*tsika handositra, raha tsy mitandrina* izany tena *famonjena lehibe izany isika;* . . .

253 Inona no hataontsika, ao amin'ny hazavan'ny Tenin'Andriamanitra, rehefa mijoro eo amin'ilay Hazon'ny Fitsarana isika? Tsy afaka hilaza ianareo hoe, "Tsy nahafantatra

fahasamihafana mihitsy aho." Oh, eny, nahafantatra ianareo. "Eny, ankehitriny, mety ho diso Rahalahy Branham." Marina izany. Fa Andriamanitra tsy diso. Tsy diso Ny Teniny. Ary eritrereto fotsiny, ny amin'ilay zavatra iray ihany, ny Baiboly, izay velona tao amin'ireo apostoly fahiny, dia velona indray. Oh, isaorana anie ny Anaran'ny Tompo!

254 Rehefa mieritreritra aho fa valo amby efapolo taona aho, saiky dimampolo, ary lasa ny andron'ny fahatanorako, sy ny sisa; ny mahafantatra fa hatramin'ny naha-zazalahy kely ahy dia efa nanana an'io Fampanantenana voatahy io aho, ary efa nanambara an'Izany tamin'ireo rahalahiko sy anabaviko; ary ny mahita an'arivony ara-bakiteny an'ireo izay nivoaka avy tao amin'ny aizina, mba hahafantatra fa handeha ho any amin'ny Tranontsika Mandrakizay isika, ho any amin'ireo voatahy. "Fa raha ravàna ity tabernaklan'ny tany ity," alohan'ny ahavitako ny toriteny, "dia misy anankiray miandry antsika any." Haleloia! Ny mahafantatra fa misy olona roa ambin'ny folo mipetraka eto, ka, raha hiala amin'ity fiainana ity izy ireo izao ankehitriny izao; alohan'ny hitondrantsika ny vatan'izy ireo mankany amin'ny mpitondra faty, dia efa ho ao anatin'io vatana be voninahitra any io izy ireo, mifaly miaraka amin'ireo olo-masin'Andriamanitra, efa ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, mba ho velona mandrakizay. Miaraka amin'ny fanamarinana tanteraka, marina tokoa fa izany ilay izy! Amena.

255 Oh, hanao ny Presbyterana hihiakiaka izany! Nanao izany tamin'ny Alahady, sa tsy izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Presbyterana ireny olona ireny. Izany tokoa, ny mieritreritra an'izany. Oh, tsy mahagaga raha lasa ara-pientanam-po ny olona! Nahoana, raha lasa ara-pientanam-po nohon'ny fikapohana baolina iray na fanipazana anankiray ao anatin'ny harato iray ianareo, dia tsy mihoatra noho izany ve ny hanaovan'izany anareo ho ara-pientanam-po eo am-pahafantarana fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo, ka Olom-baovao ao amin'ny Kristy! Fantatrareo izany amin'ny alàlan'ny fomba itarihan'ny fanahinareo anareo lavitry ny lolom-po, sy fitaka, sy fifandrafiana, ary ireo zavatra rehetra an'izao tontolo izao. Ary mipetraka eo afovoany amin'i Kristy ny fonareo. Izany no antonareo. Izany ihany no eritreretinareo ao amin'ny fisainanareo, eo amin'ny fonareo, andro aman'alina. Rehefa mandeha matory ianareo amin'ny alina, ka mametraka ny tànanareo aorianareo, tahaka an'*izao*, ary mandry eo fotsiny ka midera Azy mandra-patorinareo. Mifoha, amin'ny maraina, mbola midera Azy foana. Amena. Oh, oadray!

256 Nanandrana nidera Azy aho. Tamin'ny maraina iray, nifoha izahay teo amin'ny efatra ora teo, izaho sy Rahalahy Wood, nivoaka aloha tamin'ny maraina, mba handeha hihaza vontsira. Nidera Azy teo ambanin'ny hazo rehetra aho, mino aho, izay

nanatonako. Tsy afaka mahita hazo iray aho, ka tsy midera Azy. Eritrereto, Izy no nampitsiry an'io hazo io. Jereo ny valala antitra kely iray manidina; Fantany io valala io. "Oh," hoy ianareo, "fahadalana, Rahalahy Bill." Oh, tsia, tsy izany ilay izy. Fantany hoe aiza no misy ny vontsira tsirairay. Fantany hoe aiza no misy ny lolo tsirairay.

257 Nahoana, indray mandeha, dia nila vola kely Izy, ka hoy Izy hoe, "Petera, misy trondro iray, vao teo, nitelina vola madinika iray, ampy tsara, arak'izay ilaintsika. Mandehana atsipazo ny lelam-pintana. Handefa azy eo Aho. Alaivo avy ao amin'ny vavany io vola madinika io, satria tsy afaka hampiasa azy izy, ny tenany. Mandehana aloavy aminy ny fahafolon-karenantsika sy ny hetrantsika." Amena.

258 Ary herinandro vitsy lasa izay, dia nahita trondro kely iray maty aho, nandry teo ambonin'ny rano. Efa nandre ny tantaran'izany ianareo rehetra. Misy an-dRahalahy Wood eo, sy ny rahalahiny ary izy ireo eto ho vavolombelon'izany. Maty nandritry ny antsasak'adiny ilay trondro kely, teo ambonin'ny rano, niaraka tamin'ireo tsinainy nivoaka teo amin'ny vavany. Ary nidina ilay Fanahy Masina lehibe, rehefa avy nilaza Izy, ny andro talohan'io hoe, "Hahita fitsanganan'ny biby kely iray ianao." Ny ampitso maraina teo amin'ny, taoriana kelin'ny fiakaran'ny masoandro, dia hitanay io trondro kely io, tsy mihoatra an'*izao* ny halavany. Rehefa nidina ny Fanahin'ny Tompo, ka nanao hoe, "Ry trondro kely, Jesosy Kristy dia manao anao ho sitrana." Ary io trondro maty io, izay efa nitsingevana teo an-tampon'ny rano saiky nandritry ny antsasak'adiny teo, dia niverina tamin'ny fiainana ary nilomano mafy arak'izay vitany. Oh, isaorana anie ny Anaran'ny Tompo. Mahafinaritra toy ny ahoana Izy!

259 Tsy mahagaga raha afaka nilaza i Paoly, hoe, "Araka ny fanaon'i Melkizedeka Izy." Izy no Melkizedeka. "Melkizedeka dia tsy nanana fiandohan'andro. Izy dia tsy nanana fiafarantaona. Izy dia tsy nanana fiandoham-piainana na fiafaram-piainana. Izy dia tsy nanana ray na reny." Noho izany, dia tsy mety ho anankiray hafa Izy. Na iza Izy na iza, dia mbola velona Izy izao hariva izao. Noho izany, karazana Fiainana Mandrakizay anankiray ihany no misy, ary an'Andriamanitra izany.

260 Omaly hariva rehefa nanana adi-hevitra iray izahay, dia nisy rahalahy iray izay tsy nety nahazo ny triniten'Andriamanitra, ary toy ny ahoana no niresahanay mikasika an'izany. Ahoana fa nitsangana teo Jesosy, Lehilahy iray, teo amin'ny telopolo taona teo. Ary nilaza Izy . . .

Hoy izy ireo hoe, "Oh, ny razanay nihinana ny mana tany an-efitra."

261 Hoy Izy hoe, "Fa izy ireo dia, ny tsirairay avy, maty." Fa hoy Izy hoe, "Izaho izany Mofon'Aina izay avy tamin'Andriamanitra any An-danitra izany, ka ny olona izay mihinana dia tsy maty."

262 "Oh," hoy izy ireo, "ny razanay nisotro tamin'ny Vatolampy tany an-efitra."

263 Hoy Izy hoe, "Izaho Izany Vatolampy izany." Lehilahy iray telopolo taona. Hoy Izy, "Faly i Abrahama mahita ny Androko."

264 "Nahoana," hoy izy, "ankehitriny ny Tianao ho lazaina amiko ve dia hoe antitra tahaka an'i Abrahama Ianao, ary Ianao tsy mbola dimampolo taona akory, nefa te-hilaza fa Ianao dia efa nahita an'i Abrahama izay efa maty valonjato taona lasa? Fantatray fa manana devoly Ianao ankehitriny. Adala Ianao." Izany no . . . Izany no dikan'ny hoe *devoly*, "olona adala." Hoy izy, "Manana devoly Ianao, ary adala Ianao."

265 Hoy Izy hoe, "Talohan'ny nisian'i Abrahama, dia IZAHO NO IZY."

266 Izany no naha-izy Azy. Tsy lehilahy tsotra iray fotsiny Izy, tsy mpaminany iray ihany koa Izy. Andriamanitra Izy, Andriamanitra nonina teto an-tany tao anatin'ny vatan'ny nofo iray nantsoina hoe "Jesosy," ilay—ilay Zanak'Andriamanitra naka vatana. Izany marina tokoa Izy.

267 Ankehitriny, mahita Azy isika eto, ao amin'ny ampahany farany ankehitriny, an'ny famaranana ny toko faha-2, izay tiako nahatongavana, manomboka amin'ny andininy faha-16, na ny andininy faha-15.

> *Ary* nanafahany *an'ireo . . . nohon'*ny *tahotra ny fahafatesana—ny fahafatesana izay nandaniany ny androm-piainany rehetra tamin'ny fanandevozana.*

Izany no nolazainy fa nataon'i Jesosy, hoe tonga hanafaka an'ireo avy tamin'ny fanandevozana Izy, izay efa tao amin'ny tahotra ny fahafatesana tamin'ny androm-piainany rehetra.

268 Ankehitriny dia tsy ilaina ny fahatahorana fahafatesana. Ankehitriny, mazava ho azy, matahotra isika; isika, tsy misy iray amintsika maniry ny, an'izay antsointsika hoe, *maty*. Saingy fantatrareo ve fa raha nateraka indray ny olona iray dia tsy afaka ho faty izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ahoana no ahafahany hanana Fiainana Mandrakizay nefa avy eo dia maty? Tsy afaka manao an'izany Izy. Ny zavatra tokana izay fahafatesana, ny teny hoe *fahafatesana*, dia midika hoe "ny fisarahana." Ankehitriny dia hisaraka hiala eo amin'ny fanatrehan'ny masontsika izy. Saingy ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra foana izy, ary ho ao foana. Noho izany, dia tsy zavatra sarotra iray ny fahafatesana. Zavatra be voninahitra iray ny fahafatesana. Ny fahafatesana no mitondra antsika ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra.

269 Fa ankehitriny, mazava ho azy, isika, satria olombelona, dia mandeha ao amin'ireto singa maizina eto ireto, isika—tsy mahazo an'izany araka ny tokony hahazoantsika isika. Ary, mazava ho azy, rehefa tonga ny fanaintainana tampoka an'ny fahafatesana, dia izany no manao an'ilay tena masina indrindra amintsika hatahotra ary hihemotra. Izany no nanao an'ilay Zanak'Andriamanitra hilaza hoe, "Azo esorina ve ity kapoaka ity?" Zavatra mahatsiravina iray izany. Aza diso fandray an'izany. Satria isika . . . Sazin'ny fahotana izany, izany ny fahafatesana, ary tsy maintsy mahatsiravina izany.

Fa raha afaka mijery any ankoatry ny lamban'efitra isika, any, dia any no misy an'ilay izy. Isaorana anie ny Tompo! Any ankoatry ny lamban'efitra mihitsy, izany no irian'ny olona ho jerena izao hariva izao. Anna Mae Snelling kely sy izy ireo dia nihira hira iray taloha teto hoe, "Tompo, Avelao Aho Hijery Ny Any Ambadiky Ny Lamban'efitry ny Fotoana." Te-hahita an'izany ny olona rehetra.

270 Ankehitriny, ankehitriny dia eto isika, ao amin'ny andininy faha-16. "Fa marina tokoa fa Izy dia naka . . . "

> *Fa izy dia tsy naka marina tokoa teo aminy,* teo *aminy ny karazan'anjely; fa naka teo aminy ny taranak'i Abrahama izy.*

271 Oh, te-hijanona eo amin'izany indray isika ankehitriny. Ankehitriny dia handroso avy hatrany isika mba ho tonga . . . Satria, ny ampahany voalohany an'ity toko fahatelo ity, ny ampahany farany an'izany, dia mampiditra eo amin'ny "ilay andro ho an'ny sabata," ho an'io Alahady ho avy io.

272 Diniho ankehitriny.

> . . . *izy tsy naka . . . ny karazan'anjely;* . . .

Ankehitriny, iza ilay "Izy," izay resahany io? Kristy. Iza Kristy? Andriamanitra, ilay Logos-n'Andriamanitra.

273 Ankehitriny dia mamelà ahy hanazava an'izao indray, mba hahazoanareo antoka. Andriamanitra dia tsy Andriamanitra telo. Ny triniten'Andriamanitra dia Anankiray. Ray, Zanaka, Fanahy Masina, dia tsy midika fa misy Andriamanitra telo samihafa. Raha izany no izy, dia ho mpanompo sampy isika. Izany no antony tsy ahafahan'ireo Jiosy hahazo. Tsy nampianarina ao amin'ny Baiboly mihitsy izany. Ankehitriny, dia ampianarina ao amin'ny fiangonana Katolika izany, marina tokoa, avy amin'izany no nihavian'ny batisa trinitera.

274 Any Afrika dia manao batisa anareo intelo miankohoka izy ireo: indray mandeha ho an'Andriamanitra ilay Ray; indray mandeha ho an'Andriamanitra ilay Zanaka; indray mandeha ho an'Andriamanitra ilay Fanahy Masina. Ankehitriny, fahadisoana iray izany. Tsy misy fampianarana tahaka an'izany ao amin'ny Baiboly. Hitanareo?

275 Ary ankehitriny, izany no—izany no nampianarin'izy ireo. Niampita nankany amin'i Luther izany; avy tamin'i Luther, nankao amin'i Wesley; nitohy tao amin'ireo taona araka ny nikodiadiavany. Fa tsy fampianarana iray an'ny Baiboly mihitsy izany. Efa fahadisoana iray foana izany, hatramin'ny nanombohany.

276 Ankehitriny, noho izany, dia Andriamanitra no tany amin'ny voalohany. Talohan'ny nisian'ny hazavana iray, talohan'ny hany nisian'ny atoma iray, talohan'ny hany nisian'ny kintana iray, talohan'ny nisian'ny zavatra iray hita maso, dia Andriamanitra no nameno ny habakabaka rehetra. Ary tsy nisy afa-tsy fahadiovana no nisy tao amin'Izany: fitiavana madio, fahamasinana madio, marina madio. Izany dia Fanahy. Izy no nandrakotra ny habakabaka manontolo hatrany amin'ny Mandrakizay rehetra, izay tsy azontsika refesina Izany. Izany dia any ankoatry ny zavatra rehetra izay azontsika eritreretina.

277 Tahaka ny ao amin'io solomaso io, isika dia afaka mahita ny—ny zato tapitrisa mahery an'ny taonan'ny hazavan'ny habakabaka. Eritrereto izany. Zato tapitrisa taonan'ny hazavan'ny habakabaka. Ary ny hazavana—ny hazavana dia mandeha eo amin'ny valo arivo maily isa-tsegondra. Ary ny zato tapitrisa taonan'ny hazavan'ny habakabaka. . . Eritrereto fotsiny hoe ho firy tapitrisa maily izany. Tsy afaka manisa an'izany akory aza ianareo. Afaka maka laharan-tsivy mihitsy ianareo ka manao an'izany hanodidina an'i Jeffersonville, nefa mbola tsy hahatapitra an'izany ao amin'ny maily sy maily foana ianareo. Eritrereto izany. Ary any ankoatran'io dia mbola misy an'ireo kintana sy planeta. Nefa Andriamanitra, talohan'ny nisian'ny iray tamin'ireo, dia efa nisy Izy. Hitanareo?

278 Ary ankehitriny ilay Logos izay nivoaka avy tamin'Andriamanitra, dia ilay—ilay Logos, io rehetra io dia nanomboka naka endrika tao amin'ny—endri-batana iray. Ary io endri-batana io dia nantsoina hoe, ao amin'ny fampianaran'ny mahay, Logos, ilay Logos izay nivoaka avy tamin'Andriamanitra. Amin'ny teny hafa, ny—ny teny iray tsaratsara kokoa ho an'izany, dia izay antsointsika hoe ny teofania. (Ny teofania dia vatan'olombelona iray izay nomemboninahitra.) Tsy dia tena hoe miaraka amin'ny nofo sy rà tahaka an'izay haha-izy azy ao amin'ny dingany nomemboninahitra, fa izany dia avy amin'ny vatan'olombelona iray izay tsy mihinana, tsy misotro ihany koa, saingy izany dia—izany dia vatana iray, vatana iray izay miandry antsika vantany vao miala amin'ity anankiray ity isika. Ankehitriny, ao, no idirantsika ao amin'io vatana io. Ary izany ilay karazana vatana izay naha-izy an'Andriamanitra, satria hoy Izy hoe, "Ndao isika hanao olona araka ny endrintsika ary mitovy amintsika."

279 Ankehitriny, rehefa lasa tao amin'io vatana io ny olona, dia izy no nifehy ny trondro rehetra, sy ny voromanidina, ary—ary

ireo bibi-dia any an-tsaha. "Ary tamin'izany dia tsy nisy olona hiasa ny tany," Genesisy 2. Efa nanao lahy sy vavy Izy, saingy tsy nisy olona hiasa ny tany.

Avy eo dia nanao ny olona avy tamin'ny vovoky ny tany Andriamanitra. Nomeny tànana iray izy tahaka ny—ny rajako iray. Nomeny tongotra iray izy tahaka ny bera iray. Izy no nanome azy, Izy no nanao azy, an'io endrika io. Ary ity vatan'ny tany ity dia endriky ny fiainam-biby, ary vita avy tamin'ny karazana fitaovana iray ihany izy. Ny vatanareo dia vita tamin'ilay karazana fitaovana iray ihany tahaka ny an'ny soavaly, na ny alika, na zavatra tahaka an'izany. Vita avy tamin'ny kalsioma, potasy, solitany, hazavana kosmika izany. Ianareo fotsiny dia tsy . . . Ny nofo rehetra tahaka an'izany dia tsy ilay nofo iray ihany; nofo samihafa izany, saingy vita avy tamin'ny vovoky ny tany izay nihaviany.

Saingy, ny fahasamihafana eo amin'ny biby iray sy ny olona iray, Andriamanitra dia nametraka fanahy iray tao anatin'ny olona iray, fa tsy nametraka an'izany tao anatin'ny biby Izy. Satria, ilay fanahy izay ao anatin'ilay olona dia io teofania io.

Oh, izaho—izaho, izaho dia tsy ho tonga mihitsy eo amin'ilay . . . ity lesona ity, nefa tsy maintsy tonga eto amin'ity aho.

280 Jereo. Tsy tsaroanareo ve rehefa tao an-tranomaizina i Petera, ka tonga ilay Anjelin'ny Tompo ary nanokatra ny varavarana?

281 Nandalo teo amin'ilay tranombarotra lehibe teto izahay, indray andro, ary nisokatra teo anoloanay ilay varavarana. Hoy aho hoe, "Fantatrao, ny Baiboly no nanana an'io voalohany." Hitanareo? Ankehitriny, ilay fihilanana, varavarana, dia mandeha ho azy.

282 Ary rehefa nivoaka i Petera, nandeha teo akaikin'ireo mpiambina ireo, dia jamba ny aminy izy ireo. Nandalo an'ilay mpiambina anatiny izy, ilay mpiambina ivelany, nivoaka teny amin'ny kianja, nandalo ny rindrina, nivoaka teny an-dàlambe. Nefa tsy nisy iray tamin'izy ireo nahafantatra hoe iza izy. Ary tsy niraharaha ny . . . Nihevitra izy ireo fa mpiambina hafa iray izy na zavatra iray. Izy ireo . . . Nandalo fotsiny izy, ary nisokatra ho azy ny varavarana, raha nivoaka izy, ary nikatona taoriany. Ary rehefa nivoaka teo izy, dia nihevitra fa nahazo nofy iray. Ary nandeha nankany an-tranon'i Jaona Marka izy, izay nanaovan'izy ireo fivoriam-bavaka iray. Ary nandondòna izy . . . [Mandondòna eo amin'ny polipitra Rahalahy Branham. Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . ny eto anivonareo.

283 Oh, be voninahitra Izy. Mahafinaritra Izy.

> Ankehitriny, oh, *izy* tsy natao tao amin'*ny* endriky *ny* anjely iray; *fa izy dia naka . . . ny taranak'i Abrahama.* Lasa *ny taranak'i Abrahama* Andriamanitra.

284 Ankehitriny, raha nanam-potoana isika, mba hiverina any aoriana ka haneho hoe ahoana no Nanaovany an'izany tao amin'ilay Fanekena! Efa nandre ahy nitory teo amin'izany ianareo, imbetsaka, hoe ahoana no nakany an'ireo biby ireo sy nandidiany azy ireo nisaraka, sy nametrahany an'ilay zana-domohina sy voromailala. Avy eo dia nijery izy, ary nahamarika setroka kely iray, aizina mampahatahotra, fahafatesana. Ny manaraka, dia lafaoro afo iray nanetroka, helo. Fa, tany ankoatran'io, dia nandeha ny Hazavana fotsy kely iray. Ary io fotsy kely io dia nandeha teo anelanelan'ny tapatapany tsirairay an'io fanatitra voadidy io, maneho fa izany no Hataony. Ary nanao fianianana iray Izy, rehefa nanao an'izany Izy, ary nanoratra Fanekena iray Izy, maneho an'izay Hataony.

285 Ary Izy, Jesosy Kristy, dia tonga teto an-tany; Andriamanitra, *Imanoela*, "Andriamanitra ao amin'ny nofo." Ary teny Kalvary, dia norovitina nisaraka Izy. Ary niverina teo amin'ny Fiangonana Ny Fanahiny. Fa ny Vatany dia nakarina ary napetraka eo amin'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra.

Ny Seza fiandrianan'Andriamanitra! Ilay Anankiray izay eo amin'ny Seza fiandrianana dia ilay Mpitsara. Fantatsika izany. Eny, aiza ny Fitsarana? Ny Ray dia nanome . . . Izy dia tsy mitsara olona. Fa ny Ray no nametraka ny fitsarana rehetra teo amin'ny Zanaka. Koa izany Izy. Ary Ny Ainy no Mpisoronabe, mipetraka eo miaraka amin'ny Vatany manokana, ho fanatitra iray, mba hisolovava ny fiaikentsika. Amena. Rahalahy, mametraka zavatra ao anatinareo izany.

286 Mariho, "Naka ny Taranak'i Abrahama Izy." Lasa Olona iray Izy. Andriamanitra, tonga nofo teo anivontsika, mba hanavotra antsika. Amin'ny teny hafa, dia lasa fahotana Andriamanitra, mba ahafahantsika mpanota ho lasa mpandray anjara Aminy. Ary rehefa mandray anjara Aminy isika, dia mandray anjara amin'ny Azy . . . Olon'ny fotoan'ny habakabaka isika, fitopolo taona. Ary nidina Andriamanitra ka lasa isantsika, fitopolo taona, ho an'ny Fotoany voatsinjara, mba ahafahantsika mandray anjara amin'Ny Fiainany Mandrakizay. Ary rehefa nateraka indray isika, dia zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra, ary manana Fiainana Mandrakizay, ka tsy ho levona intsony.

Oh, toy ny inona—toy ny inona—Mpamonjy finaritra iray toy ny inona! Oh, tsy misy fomba hanoratana an'izany. Tsy misy fomba hanazavana an'izany. Any ankoatran'ny fanazavana fotsiny izany. Tsy misy olona afaka hanazava hoe lehibe toy ny ahoana Izany. "Fa lehibe Ianao! Fa lehibe Ianao!" marina izany.

> *Koa amin'ny zavatra rehetra dia mendrika mba hatao tahaka ny Rahalahiny izy,* . . . (Eritrereto izany.) . . . *mba hahatonga azy ho mpisoronabe mamindra fo sy mahatoky ny amin'ireo zavatra*

izay an'Andriamanitra, . . . (Henoy ity.) . . . *mba hanao fampihavanana* . . . *ny* fahotan'*ny olona*.

Mba hampihavana, ankehitriny, Andriamanitra, izay mahafantatra ny fahamarinana, dia tsy maintsy lasa tsi-fahamarinana, mba hahatsapa hoe inona izany mpanota iray izany, mba hiverina hampihavana, amin'ny alàlan'ny "fampihavanana," sy hamindra fo amin'ny olona.

287 Ny andininy manaraka, henoy Izany eto.

Satria tao amin'izany izy tenany dia *nijaly* . . .

288 Tsy afaka nijaly Andriamanitra tao amin'ny Fanahy. Tsy maintsy lasa nofo Izy, mba hahatsapa ny fanaintainan'ny aretina, mba hahatsapa ny fakam-panahin'ny fitsiririitana, mba hahatsapa ny fakam-panahin'ny filàna, mba hahatsapa ny fakam-panahin'ny hanoanana, mba hahatsapa ny herin'ny fahafatesana. Mba Ahafahany maka an'izany ho eo amin'ny Tenany hitsanganana eo amin'ny Fanatrehan'ilay Jehovah Fanahy lehibe, ilay Fanahy, fa tsy ilay Olona; ilay Fanahy, mba hanao fanelanelanana ho an'ity aina ity. Ary nentin'i Jesosy izany, mba hanaovana fanelanelanana ho antsika, satria Fantany hoe ahoana no ahatsapana an'izany. Rehefa marary ianareo, dia Fantany hoe ahoana no tsapanareo. Rehefa alaim-panahy ianareo, dia Fantany hoe ahoana no tsapanareo.

289 Ankehitriny, efa mba voamarikareo ve rehefa mifidy filoha iray isika, ny tantsaha dia hifidy filoha iray izay efa tantsaha iray, satria fantany ilay ampahany mafy an'ny fiainan'ny tantsaha. Hitanareo? Mila lehilahy iray izay mahazo izy.

290 Ary alohan'ny ahafahan'Andriamanitra hahazo mihitsy; Izy izay Fahamasinana lehibe. Ahoana no Ahafahany mahazo mihitsy, rehefa avy nanameloka ny olona Izy? Nohon'ny Fahamasinany, dia nanameloka ny olona Izy. Ary ny fomba tokana hany Hahafantarany hoe ahoana no hanamarinana ny olona dia ny lasa olona.

291 Ary nanaloka an'ilay virijiny Andriamanitra ka niteraka vatana iray izy, tsy rà Jiosy, tsy rà Jentilisa, fa Ny Ràny Manokana. Namorona Rà Andriamanitra, tsy nisy ara-pananahana mihitsy tao anatiny, tsy nisy mihitsy, tsy nisy filàna ara-nofo. Ary io Selan-dRà io, izay noforonina tao an-kibon'io vehivavy io, no niteraka an'ilay Zanaka. Ary rehefa natao batisa tamin'ny alàlan'i Jaona Mpanao-batisa Izy, dia hoy Jaona hoe, "Manambara aho, fa nahita ny Fanahin'Andriamanitra (tahaka ny voromailala) nidina ary nipetraka teo Amboniny."

292 Tsy mahagaga Jesosy raha afaka nilaza, hoe, "Efa nomena eto an-Tànako ny fahefana rehetra any An-danitra sy eto an-tany." Lasa Iray Andriamanitra sy ny olona. Nifanoroka ny Lanitra sy ny tany, ary Izy no Anankiray izay afaka nanome fampihavanana ho an'ny fahotantsika. Izany no antony hoe,

amin'Ny Anarany, no isehoan'ny fanasitranana. Fantany ny fanaintainanareo.

293 Efa mba renareo ve ity hira kely, fahiny ity?

> Fantatr'i Jesosy ny fanaintainana izay tsapanao,
> afaka mamonjy Izy ary afaka manasitrana Izy;
> Ento eo amin'ny Tompo ny enta-mavesatrao ka
> avelao eo izany.

Marina izany. Fantany.

> Rehefa rotiky ny fanaintainana ny vatantsika, ka
> tsy afaka mahazo indray ny fahasalamantsika
> isika,
> Dia tsarovy fotsiny fa mamaly vavaka
> Andriamanitra any An-danitra;
> Fantatr'i Jesosy ny fanaintainana izay tsapanao,
> afaka mamonjy Izy ary afaka manasitrana Izy;
> Ento eo amin'ny Tompo fotsiny ny enta-
> mavesatrao ka avelao eo izany.

294 Izay ihany no Angatahiny, "Avelao eo fotsiny izany." Nahoana? Izy no Mpisoronabe antsika izay mijoro eto, izay mahafantatra hoe ahoana no tsapanareo. Ary Fantany hoe ahoana no hampihavanana anareo indray ho amin'ny fahasoavana, ary ahoana no hamerenana anareo amin'ny fahasalamana. Fantany ny rehetra mikasika an'izany; nijaly Izy. Rehefa tsy manana toerana iray hametrahana ny lohanareo ianareo; dia tratran'izany koa Izy. Rehefa tsy manana akanjo ho soloina ianareo; dia tratran'izany koa Izy. Rehefa nesoina ianareo, nenjehina; dia tratran'izany koa Izy.

295 Henoy ny andininy farany ankehitriny. Eny àry.

> . . . *izy dia afaka mahavonjy an'*ireo *izay alaim-*
> *panahy.*

Na, amin'ny teny hafa, Izy dia afaka *hamonjy* an'ireo, *hanampy* an'ireo, mba hanao an'ireo . . . mba *hangoraka* azy ireo. Satria, Andriamanitra Izy tenany no lasa olona, mba hahatsapa an'izany.

296 Tsaroanareo ve, indray hariva, tsy nampianatra teo amin'izany ve isika? Ahoana fa Andriamanitra dia tsy maintsy . . . Nanana fanindronana iray tao anatin'izany ny fahafatesana, fampitahorana iray tao anatin'izany. "Ny andron'izy ireo rehetra dia tao anatin'ny fanandevozana noho io *fahafatesana* io." Ary avy eo dia tonga Jesosy, mba Ahafahany manala an'io fanindronana io avy tamin'ny fahafatesana.

Ary rehefa niakatra teny an-tendrombohitra Izy, dia tsaroantsika ve hoe ahoana no nanaovantsika sarisary an'izany? Ireo tasy kely mena teo amin'ny Akanjony, afaka kelikely dia lasa tasy goavana iray izy rehetra, ary nampitobatobaka ny Rà nanodidina Azy. Ny Vatany kely, mahia, tsy afaka nandeha

lavitra intsony Izy, ka lavo Izy. Simona Kyreniana, ilay lehilahy mainty hoditra, no nanampy Azy nitondra ny hazo fijaliana niakatra an'ilay havoana.

Ary rehefa namantsika Azy teo amin'ny hazo fijaliana izy ireo, ka niantsoantso rano Izy. Ary ny olona rehetra mandeha rà dia mila rano.

297 Tsaroanareo ve rehefa nitory aho indray hariva teo amin'ny "Ny diera, ny dieravavy dia mangetaheta ny rano an-ony, toy izany koa no anirian'ny fanahiko Anao, O Andriamanitra"? Raha maratra ny diera ka velona, mahavery rà, dia tsy maintsy tonga eo amin'ny rano izy fa raha tsy izany dia ho faty.

298 Voatifitra aho, tany an-tsaha tany, fony aho efatra ambin'ny folo taona. Ary nandry tany aho. Potipotika nanerana ahy ireo ranjoko, tahaka ny toto-kena, avy tamin'ny basy kalibra 12. Dia niantsoantso rano aho hoe, "Oh, omeo aho hosotroina!" Ngoly aho; ngoly ireo molotro.

299 Nihazakazaka nankeo amin'ny dobo tranainy iray ny sakaizako, naka ny karazany rehetra avy tamin'ireo tsiboboka ireo, honahona. Tsy noraharahiako izay naha-izy azy. Ary nataony feno rano izany, ary nihazona ny vavako nisokatra aho, ary nopotseriny tahaka an'*izao* ny kasiketiny, tao anatin'ny vavako. Hia, tsy maintsy nila rano aho.

300 Nandeha rà Izy. Hoy Izy hoe, "Omeo Aho hosotroina." Dia nomen'izy ireo vinaingitra teo amin'ny spaonjy iray Izy, ary Nolaviny izany, ary tsy nekeny izany. Izy no Zanak'ondrin'Andriamanitra maty teo amin'ny toerantsika, mba hitondra fampihavanana amin'ny olombelona. Inona izany? Ilay Andriamanitry ny Lanitra.

301 Nilaza i Billy Sunday indray mandeha, hoe, "Ny kirihitra rehetra dia nanana Anjely nipetraka tao anatiny, nanao hoe, 'Avoahay fotsiny ny Tànanao hivotsotra ka atondroy ny Rantsan-tànanao, dia hanova ny zava-misy Izahay.'"

302 Io andiana mpivavaka fanatika sahisahy io, antsoina hoe mpianatra goavana nianatra an'ny D.D., Ph.D., nandalo teo Akaikiny ka nanao hoe, "Ankehitriny, raha Zanak'Andriamanitra ianao! Namonjy ny hafa ianao; nefa tsy afaka mahavonjy ny tenanao. Midìna avy eo amin'ny hazo fijaliana, dia hino anao izahay."

303 Tsy fantatr'izy ireo fa nanolotra fiderana iray ho Azy izy ireo. Afaka namonjy ny Tenany Izy. Saingy raha namonjy ny Tenany Izy, dia tsy afaka namonjy ny hafa Izy. Noho izany, dia nanolotra ny Tenany Izy. Isaorana anie Ny Anarany. Nanolotra ny Tenany Izy, mba ahafahako ho voavonjy sy ahafahanareo ho voavonjy. Oh, fitiavana tsy manam-paharoa toy ny inona!

304 Tsy tokony harary Izy. Tsy tokony harary io vatana nateraky ny virijiny sarobidy io. Saingy lasa narary Izy, mba Ahafahany

mahafantatra hoe ahoana no anelanelanana ho ahy rehefa marary aho.

305 Tsy tokony ho sasatra Izy, saingy sasatra Izy. Namaky tantara kely ny amin'izany aho indray andro, tsy fantatro na tena marina ilay izy na tsia. "Rehefa nanangana an'ilay zazalahin'i Naina Izy tany, avy tamin'ny maty, dia nipetraka teo ambonin'ny vatolampy iray Izy ary nitaraindraina tamin'ny aretin'an-doha," satria tsy maintsy nitondra ny aretintsika Izy.

306 Tsy maintsy nitondra ny fahotantsika Izy, ary maty teo Izy, ary teo Kalvary rehefa namantsika indray mandeha ny fanindronany ilay tantely antitra sy ny fahafatesana. Ny olona rehetra dia mahafantatra, fa rehefa mamantsika ny fanindronany ny tantely iray, dia tsy afaka manindrona intsony izy. Rehefa lasa manidina ilay tantely na ny biby iray izay manindrona, rehefa mamantsika ny fanindronany izy, dia manaisotra an'ilay fanindronana izy. Mbola tantely iray foana izy saingy tsy manana fanindronana iray. Ny zavatra tokana azony atao dia ny mimonomonona sy manao tabataba betsaka.

307 Izany no zavatra tokana azon'ny fahafatesana atao amin'ny mpino, dia ny manao tabataba betsaka. Fa, haleloia, isaorana anie ny Anaran'ny Tompo, namantsika an'io fanindronam-pahafatesana io teo amin'ny Nofony manokana Izy. Nanao an'izany Imanoela. Nitsangana indray, tamin'ny andro fahatelo, nanozongozona an'ilay fanindronana hiala tao, ary Tsy mety maty izao hariva izao. Ary ato amin'ity tranobe ity Ny Fanahiny, ary manaporofo ny Tenany ho velona eto anivontsika Izy. Izany no Mesiantsika. Izany no Mpamonjintsika finaritra.

Hebreo, Toko Faharoa 3 MAG57-0828
(Hebrews, Chapter Two 3)
Andian'Ny Bokin'Ny Hebreo

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alarobia hariva, 28 Aogositra 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org